TATITRA DINGANA VII - VIII: ATRIKASA FANOMBOHANA

Firenena : MADAGASIKARA

Mpampiofana : RAZANAMALALA Claudine/ VIA CELINE Marie Yolande

Kaominina : AMBANIVOHITRA ANDABOTOKA

Daty nihaonana: 23-24-25 Jolay 2015

Teny fampidirana:

Ny 23-24-25 Jolay 2015 dia natao teto amin'ny kaomina ambonivohitr'i Maintirano, tao amin'ny efitranon' ny Kivohin'ny Ampela ny atrik'asa mikasika ny miralenta, izay nanofanana ireo vehivavy nilatsaka ho Ben'ny Tanana sy ny Mpanolontsaina. Tonga nanatrika ny fanokafana ny Ben'ny tanàna. NY tanjon'ny atrik'asa dia ny fampahafatarana ny miralenta sy lohahevitra maromaro ho an'ireo mpilatsaka ho fidiana :

N**y hevitra fototra iompanan' ny miralenta; GENRE ET SEXE,** izay mampisongadina ny mahalahy sy ny mahavavy ara-voajanahary, eo ihany koa ireo toetra mampiavaka napetraky ny fiaraha-monina. Ny toetra ara-boajanahary zay tsy azo ovana, fa ny toetra apetrakin'ny fiaraha-monina kosa, dia miova araky ny toerana na fotoana.

Ny miralenta sy ny fitondrana fanjakana, tafiditra ao anatin'izany ny fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny seha-pitantanana**,** inona no sakana eo amin'ny fidirana, rehefa tafiditra ary inona no vahaolana. Mifampitohy amin'izany ny fitarihana mitondra fanaovana**:** fanovana entin'ny vehivavy rehefa tonga eo amin'ny seha-pitantanana izy.

Fanadihadiana ny zava-misy eo an-toerana, mba: hahitana ireo olana na filana fototra andavanandro mety ahitana vaha-olana eo no eo, sy ny filana maharitra mila paik'ady, tsy maintsy hitadiavana vaha-olana maharitra, hitsinjovana ny ho avy sy ho an'ny taranaka faramandimby.

Ny fiatrehana sy ny fikirakirana ny fifidiananana : fiomanana mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana ; nazavaina tao koa ny maha-zava dehibe ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny fifidiananasy ny fifidianana ary ny lalàna mahakasika manokana ny fifidianana ny rantsa-mangaika ao amin'ny kaominina.

Ny disadisa amin'ny vanim-potoan'ny fifidianana: mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana. Nodinihina ny fisehon'ny olana, ny antony mahatonga izany, ary ny fiantraikany. Nodinihina tao ny fomba fitantanana ny disadisa, mba hafahana miatrika ary mba hanitana fomba mahomby entina andravonana izany.

Ny vondrom-bahoaka itisinjaram-pahefana: andraikitry ny ben'ny tanàna sy ny mpanatanteraka ary ny mpanolo-tsaina kaominaly na minosipaly. Ny mampiavaka ny vondrona itsinjaram-pahefana sy ny vondrona anapariham-pitondrana. Ny lalàna manokana mifehy ny fifidianana kaominaly.

Ny fifandraisana aman'olona, ny serasera: toetra entina miatrika ny vahoaka sy ny fomba ifaneraserana amin'ny vahoaka.

Ny Projet de Société miainga amin'ny zava-misy, handinihana ny filàn'ny mpiara-monina, na filàna andavanandro na filàna mila paik'ady.

Fizotry ny atrik'asa

Natomboka tamin'ny fandraisam-pitenenana. Nifandimby nandray fitenenana tamin'izany ny mpampiofana sy ny ben'ny tanàna izay nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny atrikasa. Rehefa vita izany dia niditra tamin'ny votoatiny, inona no tanjon'ny atrikasa, inona ireo vokatra andrasana.
Nametraka ihany koa ireo fomba hitondrana ny fiofanana sy ny fitsipika hifampifehezana mandritry ny atrikasa.

Ny fomba maro samihafa no nitondrana ny atrikasa dia ny fametrahana fanontaniana arahim-baliny, asa tarika, brainstorming, ny jeux de rôles etc.
Alohan'izany rehetra izany dia nazavaina tamin'ny mpadray anjara ny fisian'ny fifanekena iraisam-pirenena izay efa neken'ny firenentsika indrindra ny protocolen'ny SADC amin'ny fampiharana ny miralenta sy ny fampandrosoa.

I. HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA: GENRE ET SEXE

Nametrahana fanontaniana ny mpiofana hoe inona aminareo ny atao hoe miralenta?
Ny miralenta dia fitovian-jo ny lahy sy ny vavy. Rehefa vita izay dia nozarina cartonnettes ireo mpiofana mba handinihana ireo toetra milaza ny **"Fahasamihafana voajanahary sy fahasahamihafana novolen'ny fiaraha-monina, eo amin'ny lahy sy ny vavy ary koa ny atao hoe : hevitra raiki-tapisaka".**
Teo amin'ny **fahasamihafana voajanahary** dia tsy azo ovana, fa ny toetra napetraky ny fiaraha-monina no azo ovana tanteraka, araky ny toerana sy ny fotoana.

Sarin'ny mpiofana mametaka cartonnettes

Rehefa nandeha ny ady hevitra sy ny fifanarahana eo amin'ny samy mpiofana dia tsy nisy toetra na asa nampiavaka ny lahy sy ny vavy fa ny toetra voajanahary ihany no hita nampiavaka ny lahy sy vavy. (*cartonnettes et power point : genre et sexe)*

Teo amin'ny fanazavana ny atao hoe **fiheverana raikitapisaka** dia nozaraina tarika efatra ny mpandray anjara ka fanontaniana telo no napetraka tamin'izy ireo:

1. Mitadiava izay mampisongadina ny lehilahy na ny vehivavy na manambany azy ireo
2. Inona no hafatra tiana ampitaina?
3. Inona no fahazahoanareo ny atao hoe fiheverana raiki-tapisaka?

- Ny tarika voalohany: hira sy ohabolana na oha-pitenenana
- Ny tarika faharoa:sary mihetsika sy kolotsaina
- Ny tarika fahatelo:fomba fanao sy kolotsaina ary fivavahana
- Ny tarika fahaefatra:fampianarana

Tarika voalohany: hira sy ohabolana na oha-pitenenana

Ohabolana na oha-pitenenana:	**hafatra**
- Ny vehivavy fanaka malemy(ohampitenenana) - Vehivavy momba	- Tsy tokony hambaniana ny vehivavy fa misy ilana azy
- Lehilahy tsy mba ratsy - Fomban'ny lehilahy manambola mampirafy	Tokony hifanajana ny mpivady
- Ny lehilahy tsy mpanjaka ny vehivahy tsy andevo	Mba hitondra amin'ny fampandrosoana

lohateny : *Hira*	**hafatra**
Ny vehivavy fanaja (Lôla)	Ny vehivavy dia olona melemy tsy natao hampiasa tanjaka, ireo lehilahy manao herisetra amin'ny vehivavy ohatra mamango vevavy sy manitsakitsaka vehivavy

Tarika faharoa: sary mihetsika

Sary mihetsika	**hafatra**
I neniko	Fampijaliana ny vehivavy, misy kapoka, fampirafesana, tsindrihazolena : Manody ny fampijaliana ny vady aman-janaka Tsy tokony ambaniana zo ny vehivavy

Tarika fahatelo: fomba fanao sy kolotsaina ary fivavahana

fivavahana	**Hafatra**
Ny finoana Kristianina : amin'ny finoana Kristianina ny vehivavy tsy mahazo manao ny raharaha **Fisoronana (Pastora)** Ef. 5/22 – 23 ary Gensisy 3/16b	Samy voajanahary ka tokony hitovy ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny maha-olombelona
Amin'ny Finoana Musilman : Tsy mahazo miteny na miloapeo ny vehivavo ao amin'ny **Mousque** ary tsy mifanatritava fa misy efitra mapisaraka ireo vehivavy sy ny lehilahy, tsy mahazo mampiatrano na iza na iza raha tsy eo ny vadiny	Mbola miseho ny fanilikilihana vehivavy amin'ny finoana Musilman, mila ezaka mafy mba ho fampiharana ny miralenta
Ara-kolotsaina misy ifandraisany ihany ; ohatra tsy to teny ny vehivavy amin'ny sehatra rehetra, nefa efa misy ny fanavaozana ara-pinoana sy ara-piarahamonina	Tokony hisy hatrany ny fitsinjovana manokana ny vehivavy mba hasahiany mandray andraikitra eo amin'ny fiaraha-monina

Tarika fahaefatra :

Lohateny : fianarana	**hafatra**
Ny vehivavy bevohoka ampianarana dia ajanona tsy hianatra intsony nefa ny lehilahy izay nahabevohoka azy mbola manohy ny fianarany	Tokony hitovy ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny sehatra fianarana
Ny vehivavy rehefa ampy taona tokony hanambady dia ajanona tsy hianatra intsony	Samby ampianarina daholo na ny lahy n any vavy fa tsy tokony avakavahana "Ny fianarana no lova tsara indridnra mba ahazahoana fahalalana"

Tarika faha – dimy:

Lohateny : *Fanambadiana*	**Hafatra**
Fanambalia: fifanarahana ny samy olon-dehibe Magnonjo gny lehilhy mandeha any amin'ny Nenin'ny Ampela, mangatabaly, amin'andro soa Lafa mahazo la manday	Avelao ny vehivahy hanambady izay tiany
Amin'ny tapakanaky: mila andro soa anapaha zaza, mangataky,mangataky amin'ny raza Nenin'ny zaza mirahavavy iaby mandrotsarotra vola afara Ny lehilahy no milanja ny zaza ho tapahy atao antsoroky Raha bevoka ny renin'ny zaza ho tampahy dia manday lefo na vinta, arahy antsa antsa(hira hira)	Mbola manjaka ny raikitapisaka
Hazomanga: gny lehilahy ro lonaky, mipetraky avaratsy lafa misy ny fanaovandraha, misiky labahoany manao tsimagnelo andoha mainty(sempo)	Lasa fomba mahazatra ny mametraka ny lehilahy ho ambony amin'ny zavatra rehetra

Tarika faha-enina:

haino aman-jery sy dokambarotra :	**Hafatra**:
Rehefa dokambarotra momba ny tanjaka dia ny lehilahy no matetika miseho far raha lamody na entam-barotra dia ny vehivavy no miseho matetika. Amin'ny haino aman-jery indray dia matetika feon'ampela no heno. ny lehilahy dia midika hoe tanjaka ary ny vehivavy dia midika hoe haingo.	Tsy tokony hatao dokam-barotra ny vehivavy

Raha nofehezina izay rehetra izay dia tsy misy toetra na asa natokana manokana ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy irery ihany .Ny voajanahary ihany no nampiavaka ny lahy sy ny vavy. Ny fiheverana raiki-tapisaka izany dia izay noterena ho marina sy zava-misy heken'ny rehetra fa marina araka ny lovatsofina sy ny fitaizana niampita nanomboka ny fahagola ka hatramin'izao fotoana izao, nefa misy fiantraika ratsy amin'olona iharany.

Fatratrarana ny Tanjona :

tafapaka tanteraka tany amin'ireo mpandray anjara ny toetra vojanahary mampiavaka ny lahy sy ny vavy izay tsy azo hovaina ary ireo izay asa na toetra nampiavaka ny lahy sy ny vavy napetraky ny fiaraha-monina izay mety hovaina tanteraka ary tsy mapiavaka akory fa noterena ho mampiavaka.

II. NY MIRALENTA SY NY FITONDRANA FANJAKANA ARY NY FITARIHANA MITONDRA FANOVANA :

Natao asam-baomiera ny fomba nentina nitondrana ity lohahevitra iray ity ka nozaraina tarika telo toy izao manaraka izao ireo mpandray anjara:

- Tarika voalohany: inona no sakana tsy hahafahan'ny vehivavy miditra eo amin'ny seha-pitantanana? Inona no vahaolana
- Tarika faharoa: raha tafiditra ary ilay vehivavy, inona no sakana mahatonga azy tsy handray anjara? Inona no vahaolana?
- Tarika fahatelo: inona no fanatsarana entin'ny vehivavy rehefa tafiditra izy ka mitondra makany amin'ny fiovana?

Tatitra asa-tarika

	tarika 1 **Fahazahoana miditra**	**tarika faha- 2** **Fandraisana anjara**
Sakana	-Tsy fahasahiana mijoro -Tsy eken'ny vadiny -Tahotra -Henatra -Tsy ampy fahalalana -Tsy andesin'ampela - Fanavakavahana(omby mahia tsy lelafiny namany) -Tsy to teny eo anivon'ny fiarahamonina - Tsy fanana vola -Vehivavy samy vehivavy tsy mifankatia, mifampialona - Fiterahana lava	-Fiterahana -Tsy matoky tena amin'ny faripahezana -Tsy tia karokaroka -Tsy mitady mpamatsy vola -Tsy fienona ny feon'ny vahoaka -Vitsy an'isa ny vehivavy raha mitaha amin'ny lehilahy. -Ambany faripahaizana - Toerana fotsiny no manahirana azy fa tsy misy zavatra hainy
Vahaolana	-Mila mandresy henatra -Manao fanabeazanaizana -Fandraisana anjara amina fanofanana -Mila mianatra -Fampitovina ny isan'ny lahy sy ny vavy -Fanentanana ny vehivavy hazoto hilatsaka hofidina -Tsy manaiky ho ambanin'ny lehilahy - Tsy tokony hitavandra lehilahy amin'ny fidiram-bola - Tokony hiray hina	**-**Fanaovana fanabeazanaizana - Tokony hitady mpamatsy vola -Fanomezana andraikitra ny vehivavy -Mila sahy maneho hevitra -Tokony hifanakalo hevitra amin'olona -Tokony ho sahy hijoro sy handray andraikitra

tarika faha-3 : inona no fanatsarana entin'ny vehivavy rehefa tafiditra izy ka mitondra makany amin'ny fiovana?

— Ny tombotsoan'ny vahoaka sy ny kaomina no atao laharam-pahamehana fa tsy ny an'ny tenanao manokana

- Mahafantantra ny filan'ny vahoaka
- Mahay miara-monina amin'ny vahoaka
- Fanaovana tsidika sy tatitra any amin'ireo fokontany
- Fanantanterahana ny programan'asa
- Fanamboarana fotodrafitrasa toy ny sekoly, toeram-pivoahana
- Tokony hatao laharam-pahamehana ny fiompiana sy ny fambolena mba hisian'ny enty manana
- Tokony atao mangarahara ny zava-panjakana miditra ao an-tanana
- Tokony hiara hiasa amin'ny fanjakana mba hanamoramora ny fanampiana
- Tokony hisy fahaizamitantana
- Tokony handry fahalemana ny vahoaka

III. MIRALENTA SY NY FIFIDIANANA ARY NY FANDRAVONANA DISADISA AMIN'NY FIFIDIANANA

Famaritana 1 : ny vehivavy sy ny fifidianana

Ireo tombontsoa azo raha mandray anjara amin'ny sehatra fanapahan-kevitra ny vehivavy, na ho mpifidy na ho fidina.

- *Power point : femme et election (annexe)*

Ny atao hoe fifidianana, ny fiomanana sy ny asa atao mandritry ny vanim-potoana fifidianana amin'ny ankapobeny (processus electoral) ary ny lalàna manokana sy ny fizotran'ny fifidianana kaominaly.

- *Power point* : *processus electoral, loi relative à l'élection communale (annexe)*

Famaritana 2 DISADISA AMIN'NY FIFIDIANANA

✓ Nametrahana fanontanianana ireo mpandray anjara momba ny atao hoe ady sy disadisa ary inona avy ireoa antony mahatonga ady sy disadisa:
Ny atao hoe ady sy disadisa dia :

- Hevitra tsy mitovy
- Tsy fifanarahana eo amin'ny olondroa na maromaro
- Miteraka ady
- Fifamaliana

- Tsy misy fiainana ka tsy ahitana disadisa ka ilaina ny fahaizana mitantana azy Isavorovoroan-kilatoana(oha-pitenenanana) : mitarika amin'ny fandrosoana raha tsara tantana ny disadisa

Power point : violences électorales, gestion de conflit (annexe)

Nanao asam-baomera indray ka nozaraina tarika dimy ny mpizaika ary natao tantara an-tsehatra ny disadisa amin'ny fifidianana zay hita any amin'ny kaominina misy azy avy.

- **Tarika voalohany**: dia nomena ny fanotaniana hoe: *disadisa mety hiseho alohan'ny fanaovana fampielezankevitra*
  ireto avy no mety hitarika disadisa mialohan'ny fampielezankevitra:

- Tsy tafiditra ao anatin'ny Listra ny fifidianana ny olona
- Amin'ny fitetezana trano hanoratra listra reha tsy ao ny tompon-trano dia tsy miverina intsony ny mpanao listra (recensement).

- Na mandingana trano fotsiny izao ny mpanao recensement raha ohatra ka fantany fa tsy hifidy ilay olona tiany ny ao antrano.
- Mbola tsy manomboka ny fampielezankevitra dia efa misy ny mangalatra depart ary mety hiteraka disadisa izay (efa manao porte – porte) manao kolikoly mba hifidianana azy.

- **Tarika faharoa**: *inona ny disadisa mety hiseho mandritra ny fampielezankevitra*

Ireto avy ny disadisa mety hiseho mandritra ny fampielezankevitra:
- Fanaratsiana (Fidirana amin'ny vie prive –ny mpilatsaka ho fidina)
- Ny kobaka am-bava (mampanantena zavatra tsy misy mety hiteraka disadisa)
- Tsy fahampian'ny zavatra ho zaraina amin'ny fampielezankevitra (teeshirt sns. . .)
- Tsy fifanajana, tsy fifandeferana
- Ny toerana tsy nazahoana alalana amin'ny tompony nefa anaovana fampielezankevitra (propriéte privé)
- Fampielezankevitra roa mifanindry amin'ny toerana iray miteraka disadisa ihany koa
- Tsy azo atao ny mampiasa fitaovam-panjakana (place publique, fitaovam-panjakana)
- Fandrovitana ny posteran'ny kandidà miteraka disadisa ihany koa. (nampanaovina mise en chaine ny mpiofana)

- **Tarika fahatelo**: *disadisa mety hiseho amin'ny andron'ny fifidianana*

- Ny fahatarana amin'ny fisokafan'ny birao fandatsahambato n any fikatomana aloha
- Ny filaharana(misengy ho manampahefana ka misongona laharana mety miteraka disadisa)
- Delegué samy delegué tsy mitovy hevitra miteraka disadisa
- Tsy fahitana anarana anaty listra
- Fanisambato no miteraka disadisa indrindra satria raha tononina antoko hafa nefa asina marika ny antoko hafa
- Ny fitondrana tee shirt ny antoko amin'andro ny fifidianana
- Fanararaotana ny olona tsy mahay taratasy
- Tsy fanarahandalana (tsy fanaovana bagde, manao tsindribokotra)
- Fanaovana fampielezankevitra amin'andro ny fifidianana.

- **Tarika fahaefatra**: *disadisa aorian'ny fifidianana ka mandrapahatonga ny valim-pifidianana*

- Ao ny fifandragitana amin'ny samy mpilatsaka ho fidiana na ny mpanohana
- Misy mitady hevitra hanafoanana ny latsabato efa vita
- Ao koa ny olona iray efa hita fa lany rehefa mivaly soamatsara ny valimpifidianana dia olona hafa no hita anarana fa lany
- Ao Koa ny halabato samy hafa.

- **Tarika fahadimy**: *disadisa mety hiseho rehefa mivoaka ny vokampifidianana*

- Ny tsy fahatokisan'ny vahoaka ny mpamoaka ny valimpifidianana satria olona hafa no lany taty ifotony ary olona hafa no navoaka ho lany amin'ny valimpifidianana
- Misy mifampitory mihintsy azan y antoko izay tsy lany
- Misy ny ady mifandrafy mihintsy azan y andaniny sy ny ankilany

Mamintina izay rehetra izay ny vosoratra ao amin'ny boky p.75

Ireo fomba Fandravonana disadisa amin'ny fifidianana :

ireo disadisa amin'ny fifidianana : (fafampirarahana, fanelanalanana, fandaminan-dresaka, fifampiresahana, fandravonana ny andaniny sy ny ankilany hazahoan'ny tsirairay tombotsoa.

I. NY VONDROM-BAHOAKA ITSINJARAM-PAHEFANA SY NY VONDROM-BAHOAKA HANAPARIAHAM-PAHEFANA

Power point : decentralization et déconcentration (annexe)

II. NY ANDRAIKITRY NY BEN'NY TANANA SY NY MPANOLO-TSAINA

Power point (annexe)

III. NY SERASERA

Power point : communication et rôle d'un chef

IV. Fotokevitra sy politika ahatongavana amin'ny Miralenta : projet de société

Mamantatra **ny"Filana fototra andavanandro sy filana maharitra mila paik'ady hahatongavana amin'ny miralenta"**
Nazavaina fohifohy tamin'ireo mpizaika ny atao hoe filana fototra andavanandro, sy ny filana maharitra mila paik'ady.

Ireo filana fototra andavanandro: izay ilàna vaha-olana eo no eo
- Rano fisotro madio
- Sakafo
- Fahasalamana…

Ireo filana maharitra mila paik'ady:
- Fananganana ivo-toerana momba ny miralenta izay hakatoavin'ny manam-pahefana hafahana manampy ny vehivavy, mamaha ny olana eo amin'ny fiaraha-monina ary manoro hevitra ny vehivavy ami'izay ezaka ho fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny sehatra rehetra
- Fampidirana ny miralenta amin'ny fandaharam-pianarana any an-tsekoly
- Fampiharana sahady ny miralenta amin'ny fitaizana

Tarika 1 MAROHAZO

ZAVA MISY	FILANA FOTOTRA	FILANA MAHARITRA MILA PAIKADY
Tsy ampy ny sekoly sy ny mpampianatra ary fitaovana	Fitaovam-pianarana toy ny kahie stylo	Sekoly, tabilio
Hopitaly: tsy ampy ny fanafody sy ny mpitsabo	Mila Mpitsabo sy fanafody	Mila mpamatsy vola, mila fotodrafitrasa hafa
Tsy misy fandriampahalemana	Mila dina	Mila mpitandro filaminana
Tsy misy fotodrafitrasa	Tokony hampisiana izany	Fanamboarana bazary, masomboly, tranompokonolona

Tarika I BETANATANANA

ZAVA MISY	FILANA FOTOTRA	FILANA MAHARITRA MILA PAIKADY
Faratsiandalana	fanamboarandalana	Fanamboarna tetezana
Maina ny tanimbary	Mila lakandrano	Mila barazy, vovo manarapenitra
Tsy fandriampahalemana	Mila mpitandro filaminana	Toby fitandrompilaminana
Tsy ampy sekoly sy mpampianatra	Mila mpampianatra	Asina sekoly
Tsy misy hopitaly	Mila mpitsabo	Manangana tobim-pahasalamana

Tarika 3 : ANDREA

ZAVA MISY	FILANA FOTOTRA	FILANA MAHARITRA MILA PAIKADY
Tsy ampy ny vokabary	Mila angadin'omby	Mila tracteur
Tsy misy rano fisotro madio	Ampisiana izany	Manao vovondrano manarapenitra
Tapaka ny lalana noho tsy fisian'ny tetezana	Mila mpiasa	Mila tetezana
Tsy ampy fitaovana sy mpitsabo	Mila mpitsabo sy fanafody	Mila ambulance

Tarika 4 : TAMBOHORANO

ZAVA MISY	FILANA FOTOTRA	FILANA MAHARITRA MILA PAIKADY
Betsaka ny vokatra voanio sy vokatra hafa	Lalana andranomasina no amoahana ny vokatra	Fanamboarana ny lalana antanety
Fanadiovana sy fidiovana	Hatsaraina ny vovondrano atao ara-pahasalamana	Mila paikady ny fanamboarana fotodrafitrasa hanaovana wc

Tarika 5 BEMOKOTRA

ZAVA MISY	FILANA FOTOTRA	FILANA MAHARITRA MILA PAIKADY
Tsy misy rano fisotro madio sy masom-boly	Tokony hampiasa siro	Fanamboarana paompy, fizaran asomboly
Tsy fandriampahalemana	Mila mpitandro filaminana	Toby fitandrompilaminana
Tsy misy lalana	Mila fanaboaran-dalana	Fanamboarana-dalana
Tsy ampy sekoly sy mpampianatra	Mila mpampianatra	Asina sekoly
Tsy misy hopitaly	Mila mpitsabo, mila fanafody	Manangana tobim-pahasalamana

Ce projet est financé par l'Union Européenne

N°	Nom et prénoms	Sexe	Organisation	Fonction	Participat En Retour	Nouveau participant	Tél	E-mail	Signature
01	**FENARISOA Nirina**	V	RPSD	Mpanolotsaina		x			
02	**DENISE**	V	HVM	Mpanolotsaina	X				
03	**RAMANGARISOA Ambroisine**	V	RPSD	Mpanolotsaina		x			
04	**PERLINE**	V	RPSD	Mpanolotsaina		x			
05	**SOALINY**	V	RPSD	Mpanolotsaina	X				
06	**LANDRINE**	V	RPSD	Mpanolotsaina		x			
07	**KOITY**	V	RPSD	Mpanolotsaina		x			
08	**RABERANTO Aimée**	V	MAHALEOTENA	Maire		x			
09	**SOANOMENY Alexia**	V	HVM	Maire	X		034 50 574 13		

10	**MAMINJARA Pascaline**	V	AREMA	Mpanolotsaina		X			
11	**FATOMIA Soary**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
12	**R. Florette**	V	MAHALEOTENA	Mpanolotsaina		X			
13	**SOAFIAVY Florine**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
14	**LILY**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
15	**RASOA**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
16	**RAHARISOA Nirina**	V	HVM	mpanolotsaina		X			
17	**MARGURITTE**	V	TIM	Mpanolotsaina		X			
18	**MAROLINE**	V	TIM	Mpanolotsaina		X			
19	**FIHEREA Florine**	V	TIM	Mpanolotsaina		x			
20	**SOANIRINA**	V	TIM	Mpanolotsaina		X			
21	**RAOANANTENAINA Jeanne Arinette**	V	TIM	Mpanolotsaina		X			
22	**ROBISELY Louise**	V	RPSD	Mpanolotsaina		X			
23	**TENASOA**	V	MAPAR	Mpanolotsaina		X			

24	**RAOZIVELOARISOA Lucienne**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
25	**MAJANY Hubert Angeline**	V	MAPAR	Mpanolotsaina		X			
26	**LOVANIRINA olivia**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
27	**ZAIRA**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
28	**RASOANANTENAINA Arinette**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
29	**RAKOTOMAMONJY Receline Anicette Corine**	V	MAPAR	Mpanolotsaina		X			
30	**MANAKAY Jeanne**	V	HVM	Mpanolotsaina		X			
31	**SOAMANDROSOA Bakaly**	V	RPDS	Mpanolotsaina		X			
32	**ESTELLE tetany Felicité**	V	RPSD	Mpanolotsaine		X			
33	**RAZAFINOMENY Fanjanirina**	V	RPSD	Mpanolotsaine		X			
34	**ASSIATA Julienne**	V	MAHALEOTENA	Mpanolotsaina		X			
35	**SABINE Beby**	V	MAHALEOTENA	Mpanolotsaina		X			
36	**VOLAHENDRY charlotte**	V	RPSD	Mpanolotsaina		X			
37	**COLETTE Halima**	V	RPSD	Mpanolotsaina		X			

38	**ELEONORE RAZAFINDRAPARANY Alixis Jean**	**V**	**MAPAR**	**Mpanolotsaina**		**X**			
39	**PRISCA Delphine**	**V**	**MAPAR**	**Mpanolotsaina**		**X**			
40	**MODESTINE**	**V**	**RPSD**	**mpanolotsaina**		**x**			

TOVANA C: TOMBAN'NY ATRIKASA

Firenena	MALAGASY					
Sexe	FEMININ					
Faritra	MELAKY					
Kaominina	ANDABOTOKA					
Taona	12 - 17 ☐ 00	18 -30☐ 02	31- 40☐ 21	41– 50 ☐ 13	51– 60 ☐ 01	+ 60 ☐ 00
Fianarana	Ambaratonga voalohany 19	Ambaratonga faharoa 17	Oniversite:	Fanofanana ara-kasa	Fampianarana olon-dehibe 01	

Tombana	Naoty /10
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	90 %
2. Ny votoatin'ny fandaharana	88 %
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	86 %
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	90 %
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	86 %
6. Vokatra azo	89 %
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	92 %
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	91 %
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	91 %
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	84 %

FANAMARIHANA

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?

- Pratika (simulation) satria hita maso ; ny fianarana fanaovana fampielezan-kevitra
- Asam-baomiera nahafantarana ny hevitry ny besinimaro
- Fanentanana
- Fampahafantarana ny andraikitry ny vehivavy
- Ny fitsijaram-pahefana sy ny fanapariham-pitondrana
- Fahafantarako ny andraikitra miandry ahy satria mora amiko izao ny manao ny asa
- Ny asan'ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina
- Ny fahaizana mitarika
- Ny momba ny fifidianana, sy ny disadisa amin'ny fifidianana
- Ny fomba fitantanana disadisa satria hisavorovoroan-kilantoana
- Ny miralenta satria samy mandray anjara na ny lahy na ny vavy
- Ny fandaharan'ny fiofanana satria maro ny vokatra azo, nitombo ny fahalalana .

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra? Antony?

- Ilaina daholo satria zavatra tokony hofantarina daholo
- Tena ilaina ary mbola maro ny vehivavy aty aminay tsy mbola mahalala
- Tiako iaby satria maro ny zavatra tsy fantatra teo aloha fa fantako amin'nizao
- Ireo sakana tamin'ny rafi-piaraha-monina teo aloha, satria misy ny fahatahorana

- Ny propagandy satria tsy manao politika aho, tsy tiako ny manao kobaka am-bava na dia Conseillère aza aho
- Resa-bola, satria mahatonga ny olona tsy mifankatoky
- Ilaiko satria mampivoatra sy mampandroso
- Ny disadisa satria manimba ny saimbahoaka
- Nilaiko satria tsy mivoana amin'ny fifidianana ny fampianarana
- Ilaina satria hita amin'ny fiainana andavanandro
- Tena ilaina fa mitongava matetika fa ny vehivavy atè aminay tsy mbola manana fahasahiana

3. Ahoana no mety ampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin'ny fiofanana?

- Tsy tampenam-bava intsony aho izao
- Hanentana ireo namako aho
- Fandresen-dahatra sy fanentanana no ampiharako ireo fahalalana noraisiko teto
- Fahasahiana sy firotsahana ary fandraisana andraikitra amin'ny fampandrosoana : miralenta
- Ampihariko amin'ny vahoaka, ho zaraiko amin'ny namako, amin'ny mpiara-belona
- Mahay mifandefitra
- Tena ataonay 100 %
- Mora ny fampiharana azy satria efa nahazo fiofanana
- Sarotra ny ampiharana azy
- Ampihariko eo amin'ny kaominina iadidiako, na eo amin'ny fokontany

Fanamarihana hafa?
- Tena tsara ny fiofanana, ny fampitan'ny mpampiofana azy tena 100% ho anay mpanolon-tsaina
- Mino aho fa hivoatra amin'ny aza sahaniko, misaotra ny mpampiofana
- Tokony hisy matetika ny fampianarana fa ilaina sady hafahana manita-tsaina
- Mazava ny fampianarana ary mahafapo
- Tokony nizara tahirin-kevitra
- Mitady fiofanana matetika Izahay
- Ilaina ny mizara traikefa amin'ny namana
- Faly aho satria azoko ny maha-panolontsaina ahy eo amin'ny kaominina misy ahy
- Mpitondra fivoarana eo amin'ny fiainako